

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**LOI n° 2004 - 011**  
**Autorisant la ratification de la Convention**  
**portant création de l'Organisation des Gendarmeries Africaines**

**EXPOSE DES MOTIFS**

Lors de l'assemblée générale des Directeurs et Commandants des Gendarmeries Africaines qui s'est déroulée à Dakar du 02 au 04 avril 2003, la Convention portant création de l'Organisation des Gendarmeries Africaines ou OGA a été établie. Les Chefs de Délégation ont été chargés de la soumettre à l'approbation de leur Etat respectif.

La Convention s'appliquera à tous les pays d'Afrique dont l'Etat a donné son approbation.

A travers elle, les gendarmeries ou forces à statut similaire des pays membres se prêtent mutuellement assistance et entretiennent une coopération active pour :

- participer à la promotion des relations pacifiques entre les Etats ;
- coordonner leurs efforts pour éradiquer certains fléaux, notamment ceux liés à la criminalité transnationale, par des échanges et assistance mutuelle en matière de police administrative, de police judiciaire et de sécurité publique ;
- optimiser la coopération internationale ;
- promouvoir par la formation, l'unité de doctrine fondamentale dans les pays membres, en matière de recherches criminelles et de maintien de l'ordre public.

L'Organisation des Gendarmeries Africaines comprend :

- La Conférence des Directeurs et Commandants de gendarmerie qui se réunit en session ordinaire une fois par an, alternativement dans chacune des sous-régions et dans chaque pays membre.
- Le Secrétariat exécutif dont le siège est à DAKAR. Le Secrétaire exécutif est désigné par la Conférence des Directeurs et Commandants des gendarmeries.
- Les bureaux sous-régionaux qui sont des organes déconcentrés de l'OGA. Chaque bureau sous-régional est animé par un coordonnateur désigné par les Directeurs et Commandants des Gendarmeries de la sous-région.
- Les bureaux nationaux, constitués par chaque Commandement de

gendarmerie et qui sont les correspondants de l'OGA.

Les ressources financières de l'OGA seront constituées par les cotisations des Etats membres dont le taux sera fixé par le règlement intérieur, les dons, aides et subventions éventuelles des organisations internationales. Les dépenses relatives à son fonctionnement seront déterminées par le règlement intérieur.

Des organisations similaires à l'OGA existent déjà en Europe et en Amérique latine et sa création marque un grand pas en avant de l'Afrique. En outre, l'adhésion de la Gendarmerie Nationale malgache à cette organisation présente les intérêts ci-après :

### **Renforcement des mesures visant à préserver la sécurité intérieure.**

En cette période de mondialisation et de globalisation, aucun pays ne peut plus se permettre de vivre isolément. D'ailleurs, les criminels se sont mondialisés avant la mondialisation. La criminalité n'a plus de frontière et évolue rapidement dans le temps et dans l'espace. Particulièrement à Madagascar, ces derniers temps, la plupart des trafiquants notoires en pierres précieuses, devises et faux billets de banque sont des africains.

### **Diversification et développement des coopérations internationales.**

L'adhésion à l'OGA va aussi permettre de renforcer les relations de coopération avec les autres pays et les organismes internationaux notamment avec la France qui est à l'origine de la Gendarmerie et qui continue à y tenir beaucoup. L'exemple des mercenaires qui nous ont été signalés à partir d'Addis-Abeba revient à l'esprit si l'on parle de relations de coopération avec d'autres pays africains.

Tels sont les motifs autorisant la ratification de cette Convention par la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

**LOI n° 2004 - 011**

**Autorisant la ratification de la Convention  
portant création de l'Organisation des Gendarmeries Africaines**

L'Assemblée nationale et le sénat ont adopté en leur séance respective en date du 03 juin 2004 et du 1<sup>er</sup> juillet 2004, la Loi dont la teneur suit :

**Article premier** - Est autorisée, la ratification de la Convention portant création de l'Organisation des Gendarmeries Africaines.

**Article 2** - La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République. Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 1<sup>er</sup> juillet 2004**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE p.i**

**LE PRESIDENT DU SENAT**

**LECHAT RAMAMPY Marie Zénaïde**

**RAJEMISON RAKOTOMAHARO**

**REOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana*

-----  
**ANTENIMIERAMPIRENENA**  
-----

**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA 049/2003**

**Anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanarahana ny hananganana  
ny Fikambanan'ny Zandarimaria Afrikanina**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Tamin'ny fivoriamben'ireo Tale sy Komandin'ny Zandarimaria Afrikanina izay natao tany Dakar, tamin'ny 02 ka hatramin'ny 04 avrily 2003, dia tapaka ny Fifanarahana ny hananganana ny Fikambanan'ny Zandarimaria Afrikanina. Andraikitr'ireo Filohan'ny Delegasiona ny miantoka ny fanolorana izany any amin'ny Fireneny avy mba hanekeny izany.

Ampiharina amin'ireo Firenena Afrikanina rehetra izay nankatoa izany Fifanarahana izany. Amin'izany, ireo zandarimaria na hery manana ny Sata mitovitovy amin'ireo firenena mpikambana dia mifanampy ary miara-miasa eo amin'ny :

- fandraisana anjara amin'ny fandavorariana sy fampiroboroboana ny fifandraisana ara-pandriampahalemana eo amin'ny samy firenena ;
- fandrindrana ireo ezaka ataony avy mba hamongorana ireo loza, indrindra ireo izay mifandraika amin'ny heloka bevava ivondronan'ny firenena maromaro, amin'ny alalan'ny fifanakalozana sy fifanampiana eo amin'ny lafiny polisim-panjakana sy polisim-pitsarana ary filaminam-bahoaka ;
- fanatsarana ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena ;
- fampandrosoana amin'ny alalan'ny fiofanana, ny maha-iray ny fomba fijery fototra iraisan'ireo firenena mpikambana, eo amin'ny lafin'ny fikarohana momba ny heloka bevava ary ny fitandroana ny filaminam-bahoaka.

Ny Fikambanan'ny Zandarimaria Afrikanina dia ahitana :

- Ny Fihaonamben'ireo Tale sy Komandin'ny Zandarimaria, izay mivory ara-potoana, indray mandeha isan-taona, ka ampifandimbiasina foana ny toerana anaovana izany any amin'ireo zana-paritra sy firenena mpikambana isany avy.
- Ny Sekretera mpanatanteraka izay any Dakar ny foibeny. Ny Fihaonamben'ireo Tale sy Komandin'ny Zandarimaria no manendry ny Sekretera mpanatanteraka.
- Ireo biraon'ny zana-paritra izay rantsa-mangaikan'ny OGA ary miparitaka any amin'ny faritra. Ny biraon'ny zana-paritra tsirairay dia tantanan'ny mpanandrindra iray izay tendren'ireo Tale ny Komandin'ny Zandarimarian'ireo zana-paritra.

- Ireo birao nasionaly, izay ahitana ny Fibaikoan'ny Zandarimaria isany avy ary izy ireo no masoivohon'ny OGA.

Ny loharanom-bolan'ny OGA dia azo avy amin'ireo latsakembok'ireo firenena mpikambana izay fitsipika anatin'ny no mametra ny anjara vola aloa amin'izany, ireo fanomezana sy fanampiana tsotra ary fanampiana ara-bola mety azo avy amin'ireo fikambanana iraisam-pirenena. Ny fandanianana mikasika amin'ny fampandehanana dia faritan'ny fitsipika anatin'ny.

Efa misy ary ahitana fikambanana mitovitovy amin'ny OGA any Eropà sy Amerika latinina ary ny fananganana an'io fikambanana io dia dingana lehibe ataon'ny Afrika. Na izany na tsy izany, ny filatsahan'ny Zandarimaria Malagasy ao amin'ity Fikambanana ity dia mitondra tombontsoa toy izao manaraka izao :

### **1. Fanamafisana ireo fepetra entina hitandrovana ny filaminana anatin'ny.**

Amin'izao fotoan'ny fanantontoloana sy fampitambarana izao, dia tsy misy intsony izany firenena manao "samy olon- ko azy" izany. Na izany na tsy izany, ireo mpanao heloka bevava dia efa mihanaka eran'izao tontolo izao talohan'ny fanantontoloana. Efa mihanaka ary miparitaka haingana dia haingana manaraka ny toetr'andro sy maneran-tany ny fanaovana heloka bevava. Ho an'i Madagasikara manokana, tato ho ato, ny ankamaroan'ireo mpanao varo-maizina raindahiny amin'ny vatsoa, vola vahiny, vola sandoka dia Afrikanina.

### **2. Fanovaovana ary fampandrosoana ny fifandraisana sy ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena**

Ny filatsahana ho mambra ao amin'ny OGA dia ahafahana manamafy ireo fifandraisana amin'ireo firenena hafa sy ireo fikambanana iraisam-pirenena indrindra fa i Frantsa izay angady nananana ny Zandarimaria izay tsy mitsahatra ny manohana tokoa. Miverina ao an-tsaintsika, ohatra, ny mikasika ireo mpikarama an'ady izay avy ao Addis-Abeba no niainga ny filazana nahafantarantsika izany raha ny momba ny fifandraisana sy ny fiaraha-miasa amin'ireo firenen-kafa Afrikanina no resahina.

Izany no antonanton'ity Volavolan-dalàna ity.

**ANTENIMIERAMPIRENENA**

-----  
**VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA FAHA 049/2003**

**Anomezan-dalana ny fankatoavana ny Fifanarahana ny hananganana  
ny Fikambanan'ny Zandarimaria Afrikanina**

Nolanian'ny Antenimierampirenena tamin' ny fivoriana izay nataony ny faha- 03 jona 2004, izao Volavolan-dalana manaraka izao :

**Andininy voalohany** - Ekena ny fankatoavana ny Fifanarahana ny hananganana ny Fikambanan' ny Zandarimaria Afrikanina.

**Andininy 2** - Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan' ny Repoblika izao lalana izao. Hotanterahina izany fa lalam-panjakana.

**Antananarivo, faha- 03 jona 2004**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**NY SEKRETERA,**

**LAHINIRIKO Jean**

